

PERIKOPA ALAHADY 22 Desambra 2024 – Adivento IV
(Péricope du Dimanche 22 Décembre 2024 – Avent IV)

Salamo / Psaume 80
Mika / Michée 5 : 1 - 5
Hebreo / Hébreux 10 : 5 - 10
Lioka / Luc 1 : 39 - 45

**« Amin'izany sitrapo izany no nanamasinana antsika
tamin'ny nanolorana ny tenan'i Kristy indray mandeha monja ho fanatitra.. »**

Hebreo 10.10

*« Et c'est en raison de cette volonté que nous avons été rendus saints
par l'offrande du corps de Jésus-Christ une fois pour toutes. »*

Hébreux 10.10

SALAMO 80 (MRV)

- 1 Ry Mpiandry ny Israely ô, mihainoa, lanao izay mitarika an'i Josefa toy ny andian'ondry! lanao, izay mipetraka eo amin'ny kerobima, misehoa ka mamirapirata!
- 2 Fohazy ny herinao eo anoloan'i Efraïma sy i Benjamina ary i Manase ka avia hamonjy anay!
- 3 Andriamanitra ô, ampodio izahay! Ampamirapirato ny tavanao mba ho voavonjy izahay!
- 4 RY TOMPO, Andriamanitra Tompon'izao rehetra izao ô, mandra-pahoviana no hanetroka amin'ny vavaka ataon'ny olonao ny fahatezeranao?
- 5 Mampihinana azy mofo lenan-dranomaso lanao ary mampisotro azy ranomaso tovozina an-kapoaka.
- 6 Ataonao antom-pifandirana amin'ny mifanila fonenana aminay izahay ary ny fahavalonay dia mifaly handatsa.
- 7 Ry Andriamanitra, Tompon'izao rehetra izao ô, ampodio izahay! Ampamirapirato ny tavanao mba ho voavonjy izahay!
- 8 Nisy voaloboka nafindranao avy tany Ejipta; nandroaka ny Jentilisa* lanao ka namboly azy kosa.
- 9 Nitevy teo alohany lanao dia namaka lalina izy ka nameno ny tany;
- 10 nanaloka ny tendrombohitra ny alokalony ary nanaloka ny sederan'Andriamanitra ny sampany.
- 11 Nampisandrahaka ny rantsany hatramin'ny ranomasina izy ary ny sakeliny hatramin'ny ony Eofrata.
- 12 Nahoana no noravanao ny fefiny ka anotazan'izay rehetra mandalo eny an-dalana izy?
- 13 Ny lambo avy any an'ala dia mitrongy azy ary izay bibidia any an-tsaha no mandany azy.
- 14 Ry Andriamanitra, Tompon'izao rehetra izao ô, miverena! Tsinjovy avy any an-danitra ka jereo! Vangio ity voaloboka ity!
- 15 Arovy izay nambolen'ny tananao ankavanana sy ny zanaka izay nampaherezinao ho Anao.
- 16 Voadotry ny afo izy sady voakapa; fongotry ny fananaran'ny tavanao izy.
- 17 Aoka ny tananao ho amin'ny lehilahy izay eo ankavananao, dia amin'ny zanak'olombelona izay nampaherezinao ho Anao!
- 18 Dia tsy hihemotra hiala Aminao izahay. Velomy izahay dia hiantso ny anaranao.
- 19 Ry Andriamanitra, Tompon'izao rehetra izao ô, ampodio izahay! Ampamirapirato ny tavanao mba ho voavonjy izahay!

PSAUME 80 (S21)

- 1 Au chef de chœur, sur la mélodie «Les lis du témoignage». Psaume d'Asaph.
- 2 Prête l'oreille, berger d'Israël, toi qui conduis Joseph comme un troupeau! Interviens dans ta splendeur, toi qui sièges entre les chérubins!
- 3 Devant Ephraïm, Benjamin et Manassé, déploie ta force et viens à notre secours!
- 4 O Dieu, relève-nous! Fais briller ton visage, et nous serons sauvés!
- 5 Eternel, Dieu de l'univers, jusqu'à quand t'irriteras-tu contre la prière de ton peuple?
- 6 Tu les as nourris d'un pain trempé de larmes, tu leur as fait boire des larmes à pleine mesure.
- 7 Tu fais de nous une source de conflits pour nos voisins et nos ennemis se moquent de nous.
- 8 Dieu de l'univers, relève-nous! Fais briller ton visage, et nous serons sauvés!
- 9 Tu avais arraché de l'Égypte une vigne: tu as chassé des nations et tu l'as plantée.
- 10 Tu as déblayé le sol devant elle: elle a pris racine et rempli la terre.
- 11 Les montagnes étaient couvertes de son ombre, et ses rameaux étaient comme des cèdres de Dieu.
- 12 Elle étendait ses branches jusqu'à la mer, et ses rejets jusqu'au fleuve.

- 13 Pourquoi as-tu renversé ses clôtures? Voilà que tous les passants la dépouillent.
 14 Le sanglier de la forêt y sème la dévastation, et les bêtes des champs s'en nourrissent.
 15 Dieu de l'univers, reviens donc, regarde du haut du ciel et constate la situation, intervins pour cette vigne!
 16 Protège ce que ta main droite a planté, le fils que tu t'es choisi!
 17 Ta vigne est brûlée par le feu, elle est saccagée; ton visage menaçant provoque leur perte.
 18 Que ta main soit sur l'homme qui est à ta droite, sur le fils de l'homme que tu as toi-même fortifié!
 19 Alors nous ne nous éloignerons plus de toi. Fais-nous revivre et nous ferons appel à ton nom!
 20 Eternel, Dieu de l'univers, relève-nous! Fais briller ton visage, et nous serons sauvés!

MIKA 5 : 1 - 5 (MRV)

- 1 Fa ianao, ry Betlehema Efrata, izay kely tsy tokony ho isan'ny arivon'i Joda akory, avy ao aminao no hivoahan'ny iray ho mpitondra ho Ahy ao amin'ny Israely; hatry ny fahagola no niaviany, dia hatrizay hatrizay.
 2 Koa hatolony ireny ambara-pahatongan'ny fotoana hiterahan'ny iray izay hiteraka; ary izay sisa amin'ny rahalahiny dia hiverina ho eo amin'ny Zanak'Israely.
 3 Hitsangana lzy hiandry ny ondriny amin'ny herin'NY TOMPO sy amin'ny voninahitry ny anaran'NY TOMPO Andriamaniny ka handry fehizay ireny, fa hatramin'izao lzy dia ho lehibe hatrany amin'ny faran'ny tany.
 4 Ary lzy no ho fiadanana. Raha tonga eto amin'ny tanintsika ny Asiriana ka miditra ao amin'ny tranobentsika dia hanangana mpiandry ondry fito sy mpanapaka valo hisakana azy isika.
 5 Handany ny tany Asiria amin'ny sabatra sy ny tanin'i Nimroda ao an-tanàny ireo. Ary lzy hanafaka antsika amin'ny Asiriana, raha tonga amin'ny tanintsika ireny ka hanitsaka ato amin'ny faritanintsika.

MICHÉE 5 : 1 - 5 (S21)

- 1 Et toi, Bethléhem Ephrata, qui es petite parmi les villes de Juda, de toi sortira pour moi celui qui dominera sur Israël et dont l'origine remonte loin dans le passé, à l'éternité.*
2 C'est pourquoi il livrera son peuple jusqu'au moment où accouchera celle qui doit accoucher, et le reste de ses frères reviendra auprès des Israélites.
3 Il se présentera et les conduira avec la force de l'Eternel, avec la majesté du nom de l'Eternel, son Dieu, et ils auront une habitation assurée, car sa grandeur sera reconnue jusqu'aux extrémités de la terre.
4 C'est lui qui ramènera la paix. Lorsque l'Assyrien viendra dans notre pays et qu'il pénétrera dans nos palais, nous enverrons contre lui sept bergers et huit princes du peuple.
5 Ils conduiront avec l'épée le pays d'Assyrie et le pays de Nimrod à l'intérieur de ses portes. Il nous délivrera ainsi de l'Assyrien, lorsqu'il viendra dans notre pays et qu'il pénétrera sur notre territoire.

HEBREU 10 : 5 - 10 (MRV)

- 5 Koa nony niditra tamin'izao fiainana izao lzy dia niteny hoe: «Tsy mba nilainao ny fanatitra alatsa-dra sy ny fanatitra avy amin'ny zavamaniry, fa tena no namboarinao ho Ahy;
 6 Tsy sitrakao ny fanatitra dorana manontolo sy ny fanatitra noho ny ota;
 7 dia hoy Aho: Inty Aho tonga, ao amin'ny horonam-boky no nanoratana Ahy, hanao ny sitraponao, Andriamanitra ô» (Sal 40.6-8).
 8 Rehefa voalaza taloha hoe: Tsy ilainao ary tsy sitrakao ny fanatitra alatsa-dra, ny fanatitra avy amin'ny zavamaniry, ny fanatitra dorana manontolo ary ny fanatitra noho ny ota, dia ireny atolotra araka ny lalàna ireny,
 9 dia hoy indray lzy: Inty Aho tonga hanao ny sitraponao. Manaisotra ny voalohany lzy mba hampitoerany ny faharoa.
 10 Amin'izany sitrapo izany no nanamasinana antsika tamin'ny nanolorana ny tenan'i Kristy indray mandeha monja ho fanatitra.

HÉBREUX 10 : 5 - 10 (S21)

- 5 C'est pourquoi, en entrant dans le monde, Christ dit: Tu n'as voulu ni sacrifices ni offrandes, mais tu m'as formé un corps;*
6 tu n'as accepté ni holocaustes ni sacrifices pour le péché,
7 alors j'ai dit: 'Me voici, je viens – dans le rouleau du livre il est écrit à mon sujet – pour faire, ô Dieu, ta volonté.'
8 Il a d'abord dit: Tu n'as voulu et tu n'as accepté ni sacrifices ni offrandes, ni holocaustes ni sacrifices pour le péché – qui sont pourtant offerts conformément à la loi –

9 et ensuite il a déclaré: Me voici, je viens, [ô Dieu,] pour faire ta volonté. Il abolit ainsi le premier culte pour établir le second.

10 Et c'est en raison de cette volonté que nous avons été rendus saints par l'offrande du corps de Jésus-Christ une fois pour toutes.

Lioka 1 : 39 - 45 (MRV)

39 Ary niainga i Maria tamin'izany andro izany ka nandeha haingana ho any amin'ny faritra be havoana, ho ao an-tanàna iray any Joda.

40 Dia niditra tao an-tranon'i Zakaria izy ka niarahaba an'i Elizabeta.

41 Rehefa ren'i Elizabeta ny fiarahaban'i Maria dia nibitaka ny zaza tao an-kibony; ary nofenoina ny Fanahy Masina i Elizabeta

42 ka niantso tamin'ny feo mahery hoe: Notahina amin'ny samy vehivavy ianao ary notahina ny hateraky ny kibonao!

43 Avy aiza no ahatangavan'izao amiko no mba vangin'ny renin'ny Tompoko aho?

44 Fa indro, raha vao ren'ny sofiko ny feon'ny fiarahabanao dia nibitaka noho ny hafaliana ny zaza ato an-kiboko.

45 Sambatra ianao izay nino; fa hefaina izay zavatra nampilazain'ny Tompo taminao.

Luc 1 : 39 - 45 (S21)

39 A la même époque, Marie s'empresse de se rendre dans une ville de la région montagneuse de Juda.

40 Elle entra dans la maison de Zacharie et salua Elisabeth.

41 Dès qu'Elisabeth entendit la salutation de Marie, son enfant remua brusquement en elle et elle fut remplie du Saint-Esprit.

42 Elle s'écria d'une voix forte: «Tu es bénie parmi les femmes et l'enfant que tu portes est béni.

43 Comment m'est-il accordé que la mère de mon Seigneur vienne vers moi?

44 En effet, dès que j'ai entendu ta salutation, l'enfant a tressailli de joie en moi.

45 Heureuse celle qui a cru, parce que ce qui lui a été dit de la part du Seigneur s'accomplira.»